# 20 SOKAJIN-TENY MPISOLO MANONDRO

## TANJONA

• Manavaka ireo mpisolo manondro araka ny endriny sy/na ny anjara asany.

## LESONA HOTADIDINA

**Inona no antsoina hoe « Mpisolo manondro » ?**

Ny « Mpisolo manondro » dia ireo teny :

- entina manondro olona na zavatra .... .
- azo ampiasaina ho EM, L, RF, Zp ao anaty fehezanteny
- tsy afa-miaraka amin'ny mariky ny fotoana
- manomboka mandrakariva amin'ny zanapeo [i]

· Ny ifandraisan'ny endrika sy ny hevitra ao amin'ny mpisolo manondro dia ny halaviran'ny tondroina.

Ohatra: io, itsy, irÿ,ireo, ireto, iretsy, itony, irony, indreo, indretsy, irerÿ...

Miova arakaraky ny halaviran'ny tondroina ny endriky ny mpisolo manondro.

· Ny zanapeo iandohany no anavahana ny mpisolo toerana sy mpisolo manondro:

→ manomboka amin'ny [a] na [e] ny mpisolo toerana

Ohatra: ao, any, eto, atÿ, arÿ......

→ manomboka amin'ny [i] foana kosa ny mpisolo manondro.

Ohatra: io, iroa, itsy, irony......

· Ny "inty" dia lazaina hoe mpisolo manolotra, noho izy manondro zavatra eo ampelatanana, na koa hoe manolotra, toy izany koa ny "indro" sy "intsy"

**Ahoana ary ny hanavahana ny atao hoe: "Mpisolo manondro"?**

- Fantarina fa teny entina manondro olona, na biby, na zavatra izy.
- Jerena fa azo ampiasaina ho EM, na L, na RF, na Zp mandrakariva izy.
- Dinihana fa tsy afaka miaraka amin'ny mariky ny fotoana izy, ary manomboka mandrakariva amin'ny zanapeo [i].

**Sahanasa 1**

Mamorona fehezanteny 3 ahitana "mpisolo manondro" manondro zavatra eo akaiky,ary fehezanteny 3 hafa manondro zavatra lavitra.

**Sahanasa 2**

Lohatsoratra:

Lohataona indrindra tamin'izay. Nitsiry daholo ireo zava-maniry teo an-tokotany. Nirakotra mavokely iretsy paiso. Nitsimotsimoka aok'izany ireroa ahitra. Indreny ny mpamboly ravo miasa tany. Mifaliavanja irony voronkely. Taom-pifaliana mantsy irony lohataona. Faly sy ravo ireo zavaboahary.

1)Farito izay teny entina manondro amin'io ampahan-dahatsoratra io.

2)Lazao ny anjara asan'ny teny entina manondro ireo.

3)Alaharo arakaraky ny halaviran'ny zavatra tondroiny izany.

**Sahanasa 3**

Indreto misy fehezanteny:

F1: Io ny sakafonao.

F2: Ireny ny mpianatra mazoto.

F3: Tamin'iny lalana iny no nalehanay

F4: Taiza no nahitanao ity peratra ity?

1)Tsipiho izay teny entina manondro ao amin'ireo fehezanteny ireo.

2)Lazao ny anjara asany ao amin'ny fehezanteny.

3)Miantomboka amin'ny inona avy ireo.